08/07/25
5ᵉ PV
√
PV n° 37

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-37

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-005-2024/PR «SUR LA PROTECTION SPECIALE DES PERSONNES ATTEINTES D'ALBINISME, PRESENTEE PAR LE DEPUTE RANDRIANASOLO JEAN NICOLAS, ELU DANS LE DISTRICT DE BETROKA»**

Fivoriana faha-10
Natao ny
Alarobia 11 Jona 2025
- Maraina -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michael

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa SOAFILIRA Princia
- Andriamatoa RAHOLOJAONA Harson

Isan'ny Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana: 41 ; tsy tonga: 122 ; voaala tsiny: 00.

**FOTOANA:** Alarobia 11 Jona 2025, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2024/PR « sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka ».

- Lakolosy -

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantsika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriana izao, torak'izany ianareo solotena avy ao amin'ny Governemanta.

Miangavy ny mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

**- 2 -**
**- Fiantsoana anarana -**

**Andriamatoa RAHOLOJAONA Harson**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.
Miarahaba antsika ato anatin'ny efitrano fivoriana.

Mba hanafainganana ny fiantsoana anarana dia iangaviana ny Solombavambahoaka tonga hanonona ny anarany sy ny laharany tsirairay avy.

AFAKANDRO Christian
………………..……………………………………
……………………………………………………………….
…………………………………………………………………………..
VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra

Vita ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra anao Andriamatoa mpitantsoratra.

Miarahaba manokana an-dRamatoa Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina.
Izahay ato efa zatra hoe solotenan'ny Governemanta, koa ialana tsiny fa tsy hitako ianao, Ramatoa Minisitra.
Misaotra Tompoko.

Ny fandaharam-potoanantsika izao marainan'ny Alarobia 11 Jona 2025 izao dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2024/PR « sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka ».

Iangaviana ny Mpampakateny MBA hiakatra etỳ aloha mba hamaky ny tatitra momba izany.

**- 3 -**

**- Famakiana ny tatitra momba ny Tolo-dalàna -**

**Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Filoha ;
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ;
Ramatoa Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina ;
Ianareo solotenan'ny Minisitera tonga eto ;
Isika Solombavambahoaka tsy ankanavaka ;
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Hiditra amin'ny famakiana ny tatitra isika izao.

Nivory ny Alatsinainy faha-19 May 2025 tamin'ny 9 ora sy sasany, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Firaisankina, ny Vaomieran'ny Fiarovana sy ny Foloalindahy, ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana ary ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka, nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2024/PL « sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme » natolotry ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany,
1- RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle
2- ANDRIANIRINA Narcis
3- MARINDRY Andry
4- RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona

5- ANDRIANAMBENANA Painchard
6- RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie
7- VELONJARA Théophiline
8- MAMINIRINA Jolce
9- RAZAFIMANANTSOA Hanitra

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Firaisankina tonga nanatrika ny fivoriana ;
Ramatoa sy Andriamtoa isany,
1- ANDRIANIRINA Narcis
2- RAVELONASY Barthélémy Samuel
3- MARINDRY Andry
4- RANDRIANARIVO Edwin
5- RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
6- FIHEREZAVINANY
7- VELONJARA Théophiline

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Fiarovana sy ny Foloalindahy tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany,
1- MARINDRY Andry
2- SAMBO
3- ANDRIAMIANDRA
4- RASOLOMANANA Beby Olivier
5- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
6- RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
7- FIHEREZAVINANY

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy Fandrindram-piterahana tonga nanatrika ny fivoriana;
Ramatoa sy Andriamatoa isany,
1- SYLVIE Liva Gervais
2- RAVONIARISOA Mariette
3- RASOLOMANANA Beby Olivier
4- RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
5- FIHEREZAVINANY

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka tonga nanatrika ny fivoriana;
Ramatoa sy Andriamatoa isany,
1- NAKANY Charly
2- RAHOLDINA RANAIVO Herinantsoina
3- FIHEREZAVINANY
4- RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie
5- RAFIDIMANANA Désiré

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1- RATSIRAKA Sophie Soamiadana
2- MALAINKORATSY Jocelyn
3- RAMILISON Nomenjanahary

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory;
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1- | TSELANY Déborah | Magistrat MINJUS |
| 2- | RABEMANANTSOA Rolland | Directeur APHPA MPS |
| 3- | VENEROZIA Marie Théodore | Médecin MSP |
| 4- | RAVAOARIMALALA Sylvie | SP Cabinet RGA |
| 5- | Fidy ANDRIAMIANDRA | MSP |
| 6- | RAMISARINAIVO F. Sophie | MSP |
| 7- | RADESA Franck Gérard | CEP/DAPHPA/MPS |
| 8- | RAKOTOBE Lalatiana | Chef de Service PA DAPHPA MPS |
| 9- | RAHELINIRINA Esthela | AT/DAPAPA MPS |
| 10- | RANDRIANARISON Zarasoa Tahiry | Chef de Service PA DAPHPA MPS |
| 11- | MAHENY Josvah | Vice-Président Albinos MAdagascar |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka izay nanolotra ity Tolo-dalàna ity ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony.

Nambarany tamin'izany fa raha ny voasoratra ao amin'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-8 dia : « Arovan'ny Lalàna ny zon'ny olona rehetra hiaina. Tsy azo atao ny manala ain'olona amin'ny fomba tsy rariny. Tsy azo heverina ho fandikàna ity andininy ity ny famonoana raha toa ka tsy maintsy ilaina ny fampiasana hery mba hiantohana ny fiarovana ny olona rehetra amin'ny herisetra tsy ara-dalàna. Araka izany dia tsy misy olona azo ampahoriana, saziana na ampijaliana amin'ny fomba tafahoatra sy tsy mendrika manetry ny maha-olombelona. Raha tsy voahaja io voalaza io dia miteraka fikorontanana eo amin'ny fiaraha-monina malagasy izany.

Kanefa raha jerena ny zava-misy dia misy ny sokajin'olona iharan'ny fampijaliana sy herisetra noho ny fahasamihafana. Voakasik'izany indrindra ireo olona manana toe-batana varira na « personnes atteintes d'albinisme » izay iharan'ny herisetra toy ny vono ary hatramin'ny varotra olombelona mihitsy aza. Ekena fa efa misy ny fehezan-dalàna famaizana izay miaro azy ireo fa efa azo lazaina ho lany andro sy tsy ahafahana miaro azy ireo intsony izany ka ilàna fanatsarana.

Izany indrindra no nahatonga ity Tolo-dalàna ity mba hahafahana miaro manokana ireo olona manana toe-batana varira eo amin'ny lafiny ara-panjakana, ara-tsosialy, eo anivon'ny Lalàna, ara-panabeazana sy ara-pahadiovana ; fa indrindra ny hiarovana azy ireo ho amin'ny mety ho fanavakavahana sy antsirambina atao aminy. Eo ihany koa ny mety ho fanararaotana azy ireo amin'ny lafiny ara-batana sy ara-moraly.
Ity Tolo-dalàna ity koa dia natao mba hanamafisana ny andraikitr'ireo Ray aman-dReny sy ny fiaraha-monina ary ny Fanjakana amin'ny fiarovana azy ireo.

Noho izany dia mametraka amin'ny toerany tsara sy manamafy kokoa ireo sazy efa voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana izy ity amin'ireo minia manao ny heloka bevava amin'ireo olona manana toe-batana varira. Mametraka ihany koa ireo rafitra isan-tsokajiny eny anivon'ny distrika mba hahafahana miaro azy ireo.
Nanamarika ny mpanolotra ny Tolo-dalàna fa efa nisy fotoana lany teto anivon'ny Parlemanta roa tonta ity Tolo-dalàna ity fa nolavin'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalàmpanorenana noho ny andininy vitsivitsy tao aminy.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory

**FANONTANIANA SY VALINY :**

**1- Ny olona voan'ny aretina « vitiligo » ve dia voasokajy ao anatin'ny olona manana toe-tena varira ?**

- Ny olona manana toe-tena varira dia vokatry ny tsy fahampiana ny « mélanine » hatrany am-bohoka ary manana soritra mampiavaka azy izay hita eny amin'ny maso, ny volo ary ny hoditra. Ny olona voan'ny "vitíligo" kosa dia olona teraka salama tsara saingy taty aoriana vao tratran'io aretina io, ka tsy sokajiana ho olona manana toe-tena varira izy ireny.

**2- Voasokajy ho olona marefo ve ny olona manana toe-tena varira ?**

- Voasokajy tokoa satria maro ny zavatra tsy zakan'izy ireny raha ampitoviana amin'ny olona rehetra.

**3- Inona no tena antony hanaovana ity Tolo-dalàna ity raha efa hita ao anatin'ny « Code pénal » avokoa ireo sazy voalaza ato amin'izy ity ?**

- Marina tokoa fa hita ao amin'ny « Code pénal » avokoa ireo sazy ireo fa ny tanjona amin'ity Tolo-dalàna ity dia ny hanaovana « circonstances aggravantes » ny fangalarana na famonoana olona manana toe-tena varira. Izany no fepetra iray noraisina mba hanamafisana ny fiarovana azy ireo.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandinihana ny Tolo-dalàna isan'andininy ny mpivory.

Ahitana andininy miisa 32 ny Tolo-dalàna ka andininy miisa 25 no nitondran'ny Vaomiera nantsoina hanapa-kevitra fanovana sy fanitsiana: ny andininy faha-2, 4, 5, 6, 7, 9, 10, 11, 12,13, 14, 16, 17, 18, 19, 20, 21, 22, 23, 24, 25, 26, 27, 28 sy 29.

Nofoanana ny andininy faha-9, faha-12 sy faha-16 tao amin'ny Tolo-dalàna.

Nitondrana fanovana kosa ny andininy rehetra ankoatra ireo voalaza teo ambony ireo.
Novaina «Personnes Atteintes de l'Albinisme » ny voambolana « albinos » ao amin'ny andininy faha-2 satria tsy fampiasa intsony io voambolana noho izy manana endrika fanavakavahana ireo olona manana toe-tena varira. Nampiana andalana vaovao mamaritra ny « albinisme » ihany koa io andininy io. Novaina « Réseau de Protection des Personnes atteintes de l'Albinisme » na « RPPAA », «Comité de Protection des Personnes Atteintes de l'Albinisme » na « CPPAA » satria raha io fiantsoana azy teo aloha io dia hita fa mety ho voafetra loatra ny asa mety ho vitany.
Ireo fanovana ireo dia nitarika fanovana ny rijan-teny ao amin'ny "Chapitre II", "Chapitre III" sy "Section 1" ao amin'ny "Chapitre III"

Nohatsaraina ny rijan-teny ao amin'ny andininy faha-4, faha-5 sy faha-6 mba entina hanamarin-toerana ny andraikitry ny rafi-panjakana isan-tsokajiny;

Nitondrana fanovana ny andininy faha-7, faha-10, faha-11, faha-13 sy faha-14 ao amin'ny Toko faha-2 ka nohamafisina tamin'izany fiarovana ny zon'ny ankizy manana toe-tena varira sy ny andraikitry ny fitsarana sy ny ministera voakasika;

Nitondrana fanovana ny andininy faha-17, faha-18, faha-19, faha-20, faha-21, faha-22 sy faha-23 ao amin'ny Toko faha-3 mba entina hamaritana ny andraikitry ny « Réseau de Protection des Personnes Atteintes d'Albinisme (RPPAA) »;

Nohamafisina ny sazy voalaza ao amin'ny Toko faha-4 araka ny hita ao amin'ny andininy faha-24, faha-25, faha-26, faha-27, faha-28 sy faha-29, indrindra eo amin'ny lafiny lamandy entina hamaizana mafimafy kokoa ireo olona manao heloka amin'ny varira

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andinin'ny Tolo-dalàna ny mpivory,

| | | |
|---|---|---|
| Famelabelarana ny | | |
| Antonantony | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| Andininy 1 | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| Andininy faha-2 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-3 | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| Andininy faha-4 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-5 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-6 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-7 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-8 | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| Andininy faha-9 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-10 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-11 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-12 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-13 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-14 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-15 | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| Andininy faha-16 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-17 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-18 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-19 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-20 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-21 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-22 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-23 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-24 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-25 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-26 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-27 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |
| Andininy faha-28 | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana) |

Andininy faha-29 : Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana)
Andininy faha-30 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-31 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-32 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny Tolo-dalàna ny Vaomiera nantsoina hanapa-kevitra.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapa-kevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny fitsipika anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nolanian'ny Vaomiera nantsoina hanapa-kevitra tamin'ny **endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna** laharana faha 005-2024/PL « sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme » natolotry ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Nicolas, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka ka hoentina eo anivon'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny Alatsinainy tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

TOVANA

| VERSION ORIGINALE<br>PROPOSITION DE LOI N° 005-2024/PL | VERSION AMENDEE |
|---|---|
| Article 2.- Définitions<br>- Albinos : Est albinos toute personne atteinte d'une anomalie congénitale résultant de l'absence partielle ou totale de pigment par défaut du métabolisme de la mélanine, et qui se manifeste par la décoloration de la peau, du système pileux et de l'iris.<br><br>- Mesures de protection : Ensemble de mesures administratives spéciales prises par l'Etat en vue de protéger les personnes atteintes d'albinisme.<br><br>- Comité de protection des personnes atteintes d'albinisme (CPPAA) : Organe érigé par voie réglementaire, dédié exclusivement à la protection des personnes atteintes d'albinisme.<br><br>- Crime rituel : Tout acte engendrant une mutilation physique ou consistant à ôter la vie d'autrui motivé par des croyances spirituelles ou religieuses.<br><br>- Sacrifice humain : Tout acte de violence prémédité et intentionnel, motivé par des croyances spirituelles ou religieuses, en vue de répondre à la demande d'une entité appelée divinité. | Article 2.- Définitions<br>- **Personnes Atteintes de l'Albinisme:** toute personne atteinte d'une anomalie congénitale résultant de l'absence partielle ou totale de pigment par défaut du métabolisme de la mélanine, et qui se manifeste par la décoloration de la peau, du système pileux et de l'iris.<br><br>- **Albinisme: Ensemble de trouble génétique caractérisé par l'absence de pigmentation dans la peau, les cheveux et les yeux, dûe à un déficit de production de mélanine.**<br><br>- Mesures de protection : Ensemble de mesures administratives spéciales prises par l'Etat en vue de protéger les personnes atteintes d'albinisme<br><br>- **Réseau de protection des personnes atteintes d'albinisme (RPPAA)**: Organe érigé par voie réglementaire, dédié exclusivement à la protection des personnes atteintes d'albinisme.<br><br>- Crime rituel : Tout acte engendrant une mutilation physique ou consistant à ôter la vie d'autrui motivé par **superstitions**<br><br>- Sacrifice humain : Tout acte de violence prémédité et intentionnel, motivé par des croyances spirituelles ou religieuses, en vue de répondre à la demande d'une entité appelée divinité. |
| Article 4.- L'Etat s'engage à prevenir et à lutter efficacement contre toute forme de violence, de menace, de discrimination, de ségrégation, de stigmatisation et d'exclusion à l'encontre des personnes atteintes d'albinisme, qu'elles soient perpétrées par des personnes physiques ou morales. | Article 4.- L'Etat s'engage **à prendre toutes les mesures de préventions possible afin de** lutter efficacement contre toute forme de violence, de menace, de discrimination, de ségrégation, de stigmatisation et d'exclusion à l'encontre des personnes atteintes d'albinisme, qu'elles soient perpétrées par |

| | |
|---|---|
| Les personnes atteintes d'albinisme sont particulièrement protégées contre tout traitement cruel, inhumain ou dégradant. Toute personne coupable de ces faits sera jugée et punie conformément à la loi en vigueur. | des personnes physiques ou morales.<br><br>**SUPPRIME** |
| Article 5.- L'Etat est chargé de promouvoir l'inclusion sociale des personnes atteintes d'albinisme, y compris leur accès à l'emploi, à l'éducation et à la participation politique. Ces personnes doivent bénéficier des mêmes opportunités que les autres membres de la société. | Article 5.- L'Etat est chargé de promouvoir l'inclusion sociale des personnes atteintes d'albinisme, y compris leur accès à l'emploi, à l'éducation, **à la santé et à la vie publique**. Ces personnes doivent bénéficier des mêmes opportunités que les autres membres de la société. |
| Article 6 - L'Etat s'engage à assurer une protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, en tenant en compte leurs besoins spécifiques, notamment en matière de sécurité, d'éducation, de santé et d'intégration sociale. | Article 6 – **Chaque département concerné prend toutes les mesures pour** assurer une protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, en tenant en compte leurs besoins spécifiques, notamment en matière de sécurité, d'éducation, de santé et d'intégration sociale. |
| CHAPITRE II<br><br>DES DROITS ET DE LA PROTECTION DE LA PERSONNE ATTEINTE D'ALBINISME<br>Article 7.- L'enfant atteint d'albinisme a le droit de connaître et d'être élevé, dans la mesure du possible, par ses parents. Nul n'a le droit d'abandonner ou d'ignorer un enfant pour des raisons liées à l'albinisme. | CHAPITRE II<br><br>DES DROITS ET DE LA PROTECTION **DES PERSONNES ATTEINTES D'ALBINISME**<br>Article 7.- **Comme tout enfant,** l'enfant atteint d'albinisme a **le droit d'être reconnu** et d'être élevé, dans la mesure du possible, par ses parents. Nul n'a le droit d'abandonner ou d'ignorer un enfant pour des raisons liées à l'albinisme. |
| Article 9.- Les personnes atteintes d'albinisme ont droit à la protection contre toute forme d'exploitation et de violence.<br>Il est interdit d'utiliser une personne atteinte d'albinisme à des fins de mendicité. | **SUPPRIME** |
| Article 10.- L'enfant atteint d'albinisme, victime de négligence, de violence, d'exploitation ou issu de parents indigents, est placé sous la surveillance de l'Etat, à travers le Ministère en charge de la population et le Comité de Protection des Personnes Atteintes d'Albinisme (CPPAA), | Article 10.- L'enfant atteint d'albinisme, victime de négligence, de violence, d'exploitation ou issu de parents indigents, est placé sous la surveillance de l'Etat, à travers le Ministère en charge de la population et le **Réseau de Protection des Personnes Atteintes d'Albinisme (RPPAA)**, |

| | |
|---|---|
| en collaboration avec les structures de protection sociale publiques ou privées agréées. | en collaboration avec les structures de protection sociale publiques ou privées agréées.<br><br>**Le juge des enfants est seule compétente pour décider du placement des enfants. Un Arrêté ministériel réglemente le placement social des personnes atteintes d'albinisme en situation difficile nécessitant une protection spéciale.** |
| Article 11.- Toute personne atteinte d'albinisme qui est temporairement ou en permanence privée de son milieu familial, ou dont son propre intérêt exige qu'elle soit retirée de ce milieu, a droit à une protection et à une assistance spéciale de l'Etat, par le biais du placement social ou d'autres mécanismes de prise en charge appropriés.<br><br>La jurdiction des enfants est seule compétente pour décider du placement des enfants. Un Arrêté ministériel réglemente le placement social des personnes atteintes d'albinisme en situation difficile nécessitant une protection spéciale. | Article 11.- Toute personne atteinte d'albinisme qui est temporairement ou en permanence privée de son milieu familial, ou dont son propre intérêt exige qu'elle soit retirée de ce milieu, a droit à une protection et à une assistance spéciale de l'Etat, par le biais du placement social ou d'autres mécanismes de prise en charge appropriés.<br><br>**SUPPRIME** |
| Article 12.- Le Président du Tribunal compétent prend en définitive l'ordonnance de placement social. Il décide de la révision ou de la fin de ce placement sur la base des rapports établis par le CPPAA. Cette décision doit garantir à l'enfant des alternatives meilleures de jouissance de tous ses droits. | **SUPPRIME** |
| Article 13.- Toute personne atteinte d'albinisme a droit à la protection sanitaire, physique, morale, psychique et psychologique. L'Etat garantit l'accès gratuit aux soins médicaux dans les établissements hospitaliers publics et les Centres de Santé de Base pour toute personne atteinte d'albinisme. | Article 13.- Toute personne atteinte d'albinisme a droit à la protection sanitaire, physique, morale, psychique et psychologique. **Le Ministère en charge de la santé s'assure de la gratuité et de la disponibilité des médicaments essentiels aux nécessiteux.** |
| Article 14 - Les personnes atteintes d'albinisme ont le droit de bénéficier des mêmes conditions d'emploi et des mêmes avantages sociaux que les autres employés. Toute forme de discrimination dans les | Article 14 - Les personnes atteintes d'albinisme ont le droit de bénéficier des mêmes conditions d'emploi et des mêmes avantages sociaux que les autres employés. Toute forme de discrimination dans les |

| | |
|---|---|
| processus de recrutement, de sélection, d'embauche, de formation, de promotion ou de licenciement est interdite. | processus de recrutement, de sélection, d'embauche, de formation, de promotion ou est interdite.<br>**L'état de personne atteinte d'albinisme ne peut en aucun être source de licenciement.** |
| Article 16.- L'Etat garantit le droit à l'éducation de l'enfant atteint d'albinisme en rendant l'enseignement primaire public obligatoire et gratuit.<br>Il veille à ce que la discipline dans les établissements scolaires soit appliquée de telle manière que l'enfant soit traité avec humanité.<br>Il garantit la jouissance de ce droit, le cas échéant, par l'aménagement d'espaces appropriés. | **SUPPRIME** |
| CHAPITRE III<br>DU COMITE DE PROTECTION DES PERSONNES ATTEINTES D'ALBINISME (CPPAA)<br><br>SECTION 1<br>DE LA CREATION DU COMITE<br>Article 17.- Il est créé, au sein du Ministère en charge de la Population, un Comité dénommé « Comité de Protection des Personnes Atteintes d'Albinisme (CPPAA) ».<br>Le CPPAA est chargé de la surveillance, de la protection et de la prévention générale des violations des droits des personnes atteintes d'albinisme.<br><br>A ce titre, cette structure est habilitée à :<br>- identifier les personnes et familles à risque ;<br>- assister les personnes atteintes d'albinisme dans toutes démarches administratives et judiciaires pour faire valoir leurs droits ;<br>- émettre des avis officiels sur le cas des personnes atteintes d'albinisme à destination des autorités compétentes ;<br>- lutter contre toute forme de discrimination, de ségrégation, de stigmatisation et d'exclusion, à l'encontre des personnes atteintes d'albinisme, perpétrées par des personnes physique ou morales ; | CHAPITRE III<br>**DU RESEAU DE PROTECTION DES PERSONNES ATTEINTES D'ALBINISME (RPPAA)**<br><br>**SECTION 1**<br>**DE LA CREATION DU RESEAU**<br>Article 17.- Il est créé, au sein du Ministère en charge de la Population, un **réseau** dénommé «**Réseau de Protection des Personnes Atteintes d'Albinisme (RPPAA)**»,<br>Le **RPPAA** est chargé de la surveillance, de la protection et de la prévention générale des violations des droits des personnes atteintes d'albinisme.<br><br>**LE RESTE SUPPRIME** |

| | |
|---|---|
| - <u>agir pour la protection des personnes atteintes d'albinismes contre tout traitement cruel, inhumain ou dégradant ;</u><br>- <u>sensibiliser et mobiliser les communautés sur les questions relatives à l'albinisme ;</u><br>- <u>assurer la surveillance sur les violations des droits de ces personnes.</u> | |
| Article 18.- Un Arrêté <u>ministériel</u> fixe l'organisation et les attributions du <u>comité</u> ainsi que de ses démembrements au niveau des districts concernés. | Article 18.- Un Arrêté **interministériel** fixe l'organisation et les attributions du **réseau** ainsi que de ses démembrements au niveau des districts concernés. |
| SECTION 2<br>DE LA SAISINE DU <u>COMITE</u> ET DE LA PRISE EN CHARGE<br><br>Article 19.- Toute personne détentrice d'informations ou ayant été témoin d'abus, d'exploitation, de maltraitances, d'agressions, ou de préjudices physiques ou moraux à l'encontre des personnes atteintes d'albinisme est <u>tenue de saisir le CPPAA.</u> | SECTION 2<br>DE LA SAISINE DU **RESEAU** ET DE LA PRISE EN CHARGE<br><br>Article 19.- Toute personne détentrice d'informations ou ayant été témoin d'abus, d'exploitation, de maltraitances, d'agressions, ou de préjudices physiques ou moraux à l'encontre des personnes atteintes d'albinisme est **tenue de signaler le RPPAA** |
| Article 20.- Le <u>CPPAA</u> et/ou ses démembrements peuvent s'autosaisir de tout cas de <u>préjudices</u> physiques ou moraux à l'encontre des personnes atteintes d'albinisme au niveau de leur localité d'implantation.<br>Ils veillent à ce que les auteurs présumés d'agressions soient traduits en justice et répondent de leurs actes devant la loi.<br>En outre, ils sont chargés de recenser les personnes atteintes d'albinisme de leurs zones d'intervention. | Article 20.- Le **RPPAA** et/ou ses démembrements peuvent s'autosaisir de tout cas de **menace ou de violence** physiques ou moraux à l'encontre des personnes atteintes d'albinisme au niveau de leur localité d'implantation.<br>Ils veillent à ce que les auteurs présumés d'agressions soient traduits en justice et répondent de leurs actes devant la loi.<br>En outre, ils sont chargés de recenser les personnes atteintes d'albinisme de leurs zones d'intervention. |
| Article 21.- Les personnes atteintes d'albinisme, victimes de maltraitance, sont prises en charge par l'Etat <u>malagasy, soit à l'initiative du CPPAA, soit à celle de l'Etat, après notification au Comité</u> | Article 21.- Les personnes atteintes d'albinisme, victimes de maltraitance, sont prises en charge par l'Etat. **Les modalités relatives à cet effet sont fixées par voies règlementaires.** |
| Article 22.- L'application des mesures prise par le <u>CPPAA</u> visant à garantir l'amélioration des conditions de vie des personnes atteintes d'albinisme doit être effectuée <u>en collaboration avec le Ministère en charge de</u> | Article 22.- L'application des mesures prise par le **RPPAA** visant à garantir l'amélioration des conditions de vie des personnes atteintes d'albinisme doit être effectuée **collégialement par les membres du RPPAA** |

| | |
|---|---|
| la Population. | **et le Ministère en charge de la population. Les modalités relatives à cet effet sont fixées par voies règlementaires.** |
| Article 23.- Le CPPAA, en collaboration avec le Ministère en charge de la Population, assure l'encadrement, la protection et le suivi des personnes atteintes d'albinisme ayant été victimes de traitements cruels, inhumains ou dégradants. | Article 23.- Le **RPPAA**, en collaboration avec le Ministère en charge de la Population, assure l'encadrement, la protection et le suivi des personnes atteintes d'albinisme ayant été victimes de traitements cruels, inhumains ou dégradants. |
| **CHAPITRE IV**<br>**DE LA REPRESSION**<br>Article 24.- Toute atteinte à l'intégrité physique d'un individu, en raison de son caractère génétique lié à l'albinisme, ainsi que tout crime rituel pratiqué à des fins de charlatanisme ou tout sacrifice humain impliquant une personne atteinte d'albinisme, constitue une circonstance aggravante dans la considération d'une infraction pénale.<br>Elle est passible d'une peine de 10 à 20 ans d'emprisonnement et d'une amende allant de 5 000 000 ariary à 10 000 000 ariary ou l'une de ces peines seulement.<br><br>Toute tentative est punissable, quel que soit l'étape de la commission de l'infraction, sauf dans le cas d'un repentir actif. Dans ce cas, l'auteur de l'infraction doit fournir des preuves suffisantes pour justifier son désistement. Il en est de même lorsque les blessures ou les coups, ou autres violences ou voies de fait, n'auront occasionné aucune maladie ou incapacité de travail personnel.<br>Est considéré comme tentative tout acte qui aura été manifesté par un commencement d'exécution indépendamment du résultat de celui-ci. | **CHAPITRE IV**<br>**DE LA REPRESSION**<br>Article 24.- Toute atteinte, **à une personne** en raison de son caractère génétique lié à l'albinisme, ainsi que tout crime rituel pratiqué à des fins de charlatanisme ou tout sacrifice humain impliquant une personne atteinte d'albinisme, constitue une circonstance aggravante dans la considération d'une infraction pénale.<br>Elle est passible d'une peine de 10 à 20 ans d'emprisonnement et d'une amende allant de 5 000 000 ariary à 10 000 000 ariary ou l'une de ces peines seulement.<br><br>**SUPPRIME**<br><br>Est considéré comme tentative tout acte qui aura été manifesté par un commencement d'exécution indépendamment du résultat de celui-ci. |
| Article 25.- Tout acte de discrimination à l'égard d'une personne atteinte d'albinisme expose son auteur à une amende de 100 000 Ariary à 500 000 Ariary. | Article 25.- Tout acte de discrimination à l'égard d'une personne atteinte d'albinisme expose son auteur à une amende de **500 000** Ariary à **1 000 000** Ariary **et d'une peine d'emprisonnement de 1 à 6 mois.** |

| | |
|---|---|
| Article 26.- La traite ou la vente de personne atteinte d'albinisme est punie de 10 à 20 ans d'emprisonnement et d'une amende 10 000 000 Ariary à 20 000 000 Ariary. | Article 26.- La traite ou la vente de personne atteinte d'albinisme est punie de 10 à 20 ans d'emprisonnement et d'une amende 10 000 000 Ariary à **50 000 000** Ariary. |
| Article 27.- Sera puni de la peine des travaux forcés à temps quiconque, sans ordre des autorités constituées et hors les cas où la loi ordonne de saisir des prévenus, enlève ou fait enlever, arrête ou fait arrêter, séquestre ou fait séquestrer une personne atteinte d'albinisme par violence, ruse ou menace.<br><br>Lorsque la personne enlevée, arrêtée ou séquestrée a été soumise à des tortures corporelles, l'auteur est puni d'une peine de travaux forcés à perpétuité et d'une amende de 10 000 000 Ariary à 20 000 000 Ariary.<br>Cette peine est celle de travaux forcés à perpétuité si la détention a excédé une semaine. Quiconque aura prêté un lieu pour exécuter la détention ou séquestration, subira la même peine.<br>Les complices subiront la même peine. | Article 27.- Sera puni de la peine des travaux forcés à temps **et d'une amende** quiconque, sans ordre des autorités constituées et hors les cas où la loi ordonne de saisir des prévenus, enlève ou fait enlever, arrête ou fait arrêter, séquestre ou fait séquestrer une personne atteinte d'albinisme par violence, ruse ou menace.<br><br>**Il est interdit d'utiliser une personne atteinte d'albinisme à des fins de mendicité.**<br><br>Lorsque la personne enlevée, arrêtée ou séquestrée a été soumise à des tortures corporelles, l'auteur est puni d'une peine de travaux forcés à perpétuité et d'une amende de 10 000 000 Ariary à **50 000 000** Ariary.<br><br>Quiconque aura prêté un lieu pour exécuter la détention ou séquestration, subira la même peine.<br><br>Les complices subiront la même peine. |
| Article 28.- Toute personne a l'obligation de dénoncer toute forme de violence physique ou morale infligée à la personne atteinte d'albinisme dont elle a connaissance. La non dénonciation de cette violence est punie d'une amende de 100 000 Ar à 6 000 000 Ar et d'une peine d'emprisonnement de 3 mois à 5 ans. | Article 28.- Toute personne a l'obligation de dénoncer toute forme de violence physique ou morale infligée à la personne atteinte d'albinisme dont elle a connaissance. La non dénonciation de cette violence est punie d'une amende de **500 000 Ar** à 6 000 000 Ar et d'une peine d'emprisonnement de 3 mois à 5 ans. |
| Article 29.- Quiconque s'abstient de porter secours ou assistance à une personne atteinte d'albinisme exposée à un danger pouvant porter atteinte à sa vie ou à son intégrité physique, sans risque pour lui- | Article 29.- Quiconque s'abstient de porter secours ou assistance à une personne atteinte d'albinisme exposée à un danger pouvant porter atteinte à sa vie ou à son intégrité physique, sans risque pour lui- |

| | |
|---|---|
| même ou pour autrui, est puni de 6 mois à 5 ans d'emprisonnement et d'une amende de 100 000 Ar à 6 000 000 Ar. | même ou pour autrui, est puni de 6 mois à 5 ans d'emprisonnement et d'une amende de **500 000 Ar** à 6 000 000 Ar. |

Vita Tompoko.

**- 4 -**
**- Fanitsiana sy fanamarihana momba ny tatitra -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra ny Mpampakateny isika nitondra izay tatitra feno dia feno izay.

Sao misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra novakiana teo. Tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika, fa fanamarihana na fanitsiana no atao. Avy amintsika Solombavambahoaka, avy eo ny solotena avy amin'ny Governemanta.

Iangaviana hanangan-tànana izay handray fitenenana momba izany.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol.

**Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol**
Miarahaba Andriamatoa Filoha.
Miarahaba anareo eny amin'ny « perchoir », miarahaba ny teknisiana, miarahaba manokana ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas ihany koa.

Misy diso ny anarako ka tokony hojerenareo teknisiana.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka Andriamatoa Solombavambahoaka.

Koa satria tsy misy handray fitenenana intsony ny Solombavambahoaka, omena ny avy ao amin'ny Governemanta ny fitenenana.

**- 5 -**
**- Fandraisam-pitenenan-dRamatoa Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina** -

**Ramatoa RAZAFINJATO Aurélie, Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao am-panajana, miarahaba ny mambra ao amin'ny Birao Maharitra, miarahaba ny Mpampakanteny, ianareo Solombavambahoaka rehetra manatrika eto, eo ihany koa ny teknisiana ato amin'ny Antenimierampirenena.
Manatrika eto ny Tale Jeneraly ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ny Minisiteran'ny Filaminana Anaty, ao koa ny Tale Jeneraly isan-tsokajiny izay manatrika etoana.

Tompokolahy sy Tompokovavy ;
Am-pitiavana sy am-panajana, Andriamatoa Filoha no anolorana ny fisaorana sy fiarahabana antsika amin'izao fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna hiarovantsika ny zaza varira izao.

Izy ity dia mifanindran-dàlana amin'ny iray volana hankalazana ny andron'ny ankizy. Amin'ny maha tomponandraikitra voalohany ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina izay miahy ny ankizy, raisinay ho zava-dehibe izy ity. Ao ihany koa ny Filohan'ny Fikambanana Varira manatrika etoana.

Raha ny marina dia amin'ny faha-13 Jona izao no fankalazana nasionaly ho an'ny olona manana toe-tena varira. Zava-dehibe ary ankasitrahana manokana Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nandray andraikitra nitondra ity Tolo-dalàna ity. Efa nisy dingana maro samihafa nolalovana, tsy hoe mitondra ity Tolo-dalàna ity fotsiny, fantatray izy satria miara-miasa aminay ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina, anisan'ny miaro sy mitaiza ireo zaza varira ireo ihany koa.

Ankasitrahana koa ireo foibe rehetra izay mandray andraikitra, toy ny SIZAFA any Farafangana, misy any Betroka, misy koa any amin'ny Faritra Boeny. Izay no fantatray hoe tena ao anatin'ny fiarovana manokana ny zaza varira sy ny olona tsirairay mandray andraikitra ho fiarovana ireo zaza ireo.

Amin'ny maha solotena miandraikitra voalohany ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina, anisan'ny mampametra-panontaniana ny fiarovana ireo zaza ireo araka ny voalaza teo noho ny antony ara-pinoana, ara-pomba sy ny maro samihafa ; manjary iharan'ny herisetra ireo olona mitondra toe-tena varira.

Ankasitrahanay ny ekipa rehetra izay notarihin-dRamatoa Filoha tao anatin'ny Vaomiera isan-tsokajiny niasa sy nanao ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity.

Raha ny Minisiteran'ny Mponina manokana sy ireo teknisiana, somary sahirana izahay, tsy ny lalàna akory no nisy fahasahiranana. Ankasitrahana ny ezaka nataontsika tsirairay avy, efa nandalo asam-baomiera ity Tolo-dalàna ity vao tonga eto androany ; amin'ny maha zava-dehibe hoe malagasy no arovantsika, mila fandinihana lalina, indrindra ny fandraisana andraikitra eo anivon'ny Governemanta.

Tamin'ny 19 May 2025 no nanaovana ny asa-baomiera, nisy ireo fanitsiana samihafa novokarina tao amin'ny vaomiera, tsy tafaverina taty aminay ny Tolo-dalàna nasiam-panitsiana. Isika mianakavy no mitady ny tombotsoa ho an'ireto sokajin'olona ireto.

Omaly izahay vao nahazo fampahafantarana ny fandaharam-potoana, ny tenako mihitsy no nangataka tany amin'ny Talenay hoe aiza ny lalàna hodinihana, rahampitso ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba azy, hifampizara ao anatin'ny « groupe WhatsApp » isika. Ny tiako holazaina, tsy ampy ny fotoana nandinihan'ny mambran'ny Governemanta azy ity kanefa sady mahakasika ny Fitsarana, ny Filaminana Anaty, ny Fiarovana, indrindra mahakasika ny ao amin'ny Fahasalamana, mba tsy hilazana hoe ny Minisiteran'ny Mponina irery ihany sy ny olona manodidina azy.

Raha sitrakareo Andriamatoa Filoha, te-hangataka fotoana bebe kokoa izahay hahafahantsika mandrindra ny zava-misy eto an-toerana amin'ny handraisana andraikitra amin'ireo sokajin'olona ireo.
Ny tenako manokana dia efa tany Farafangana, efa nanampy tolotra tamin'ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas izay nitondra ity Tolo-dalàna ity. Miantso anay foana izy hoe mitombo isa indray ny zaza ato aminay, ahoana no hatao.

Mila fandinihana ny ho avin'ireo zaza ireo, mandra-pahoviana izy ireo no ho ao amin'ny toby. Noho ny ezaka nataon'ny « Commandant de groupement » naka ireo zaza ireo, nangonina tao amin'ny SIZAFA, matetika no manao antso rehefa tsy ampy ny enti-manana, manao tolo-tànana. Miha lehibe izy ireo, mety misy fifankatiavana eo amin'ny samy izy ireo. Eto ny Tale ao amin'ny Fahasalamana, rehefa misy « consanguinité » ve dia varira ihany koa ny zanany sa inona no mety ho vokatr'izay satria mila fandalinana. Marobe ianareo no dokotera ato, mila fandinihana isaky ny sokajy na ny Minisitera voakasiky ny fiarovana ny varira. Isika tsy manavaka satria malagasy ireo, tsy fidiny ho azy ny manana volon-koditra hafa. Izay no angatahanay hoe tokony homena fotoana lavalava kokoa satria tamin'ny 12 alina aho no nandefa « partage » hoe ity ny lalàna talohan'ny asam-baomiera, tsy nisy « retour » taorian'ny asam-baomiera mba ahafahantsika mandamina tsaratsara kokoa sy mametraka lalàna maharitra hampiharina eto amin'ny tanin'ny Repoblika Malagasy.

Izay no avy atỳ amiko, tsy sanatria tsy fandraisana andraikitra fa izay no nahatongavana eto ary tsy naniraka ny tenako fa aleo mihitsy mifanatrika isika.

Ankasitrahana ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas, mba ahafahantsika mametraka lalàna velona azo ampiharina isaky ny « structure, secteur » no mahatonga izay soso-kevitra izay, satria vao omaly alina no voarainay ofisialy fa tsy voaray avy taty amin'ny Antenimierampirenena hoe ity no izy. Misy fanatsarana mbola azo atao tsara.

Mankasitraka indrindra, Tompoko.

**- 6 -**

**- Fandraisam-pitenenan'ny mpivory -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Tompokolahy sy Tompokovavy,
Isaorana feno izay fandraisam-pitenenana sy fanamarihana ary tolo-kevitra avy amin-dRamatoa Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina izay.

Misy fangataham-pitenenana avy amin'ny Solombavambahoaka. Satroka avy amin'ny Solombavambahoaka RAZAFIHARISON Andriamanantena, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

**Andriamatoa RAZAFIHARISON Andriamanantena**
Misaotra nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha sy ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.
Ianao Ramatoa Minisitry ny Mponina sy ny mpiara-dia aminao, isika rehetra Solombavambahoaka namana.

Manao satroka kely aho satria misy zavatra tsy milamina tsara amin'ny tokony hirosoana sa tsy horosoana.
Efa nandalo « commission » ity zavatra ity, efa nanao tatitra ny « commission », napetraka ny fanamarihana rehetra ny amin'ny tokony hirosoana amin'ity fampandaniana an'ity Tolo-dalàna ity.

Ny fangatahana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina no anaovako satroka hoe ahoana marina ity satria ry zareo avy ao amin'ny Minisitera indray no mangataka fe-potoana handinihana bebe kokoa mikasika an'ity Tolo-dalàna ity kanefa ny zavatra efa ato amin'ny « séance plénière ».
Angatahanay, Andriamatoa Filoha, inona ny tokony hataontsika mifanandrify amin'izay.

Mankasitraka Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Ankasitrahana ny Solombavambahoaka voafidy tao Ampanihy tamin'izay fandraisany fitenenana izay.
Omentsika fitenenana manaraka ny Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra Andriamatoa Filoha.

Manantitra ny fiarahabana am-panajana anareo mambran'ny Birao Maharitra, isika Solombavamboaka rehetra vory eto. Ianareo eo anivon'ny Governemanta izay tarihan-dRamatoa Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina.

Mandray fitenenana ny tenako, Andriamatoa Filoha, ny antony dia tsotra ihany.

Raha ity Tolo-dalàna ity dia fantatsika fa Tolo-dalàna efa nentina tamin'ny « mandat » teo aloha ary efa lany teto anivon'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona fa kosa nolavin'ny teny anivon'ny « Haute Cour Constitutionnelle » satria misy « dispositions » izay nolazaina fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana.

Raha nitondra fanazavana Ramatoa Minisitra teo dia nilaza fa mangataka fe-potoana lavalava kokoa handinihana momba ity Tolo-dalàna ity.
Ny zavatra tianay hotsindriana Andriamatoa Filoha dia izao, raha ny fahasahiranan'ireo olona manana toe-tena varira ireo no jerena dia tokony efa ho ela no nandray fanapahan-kevitra mikasika izany ny teo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina, satria tsy afaka miandry intsony isika. Marina fa tsy ny tenako no tompon'ny Tolo-dalàna saingy any amin'ny Distrikan'i Farafangana no manana « centre » lehibe indrindra mitaiza ireo olona manana toe-tena varira ireo. Koa ho anay, amin'ny maha Solombavambahoaka anay, Andriamatoa Filoha, tokony hiroso isika satria ny fitavozavozana amin'ny fandinihana ity lalàna ity dia vao maika hiteraka loza sy hiteraka fahasahiranana ho an'ireo olona manana fahasahiranana toe-tena varira ireo.
Nanana fotoana ny Governemanta nahafahany nitondra tolo-kevitra avy any aminy, nanatrika teo anivon'ny asam-baomiera ihany koa ny teknisiana avy any aminy, afaka nitondra izany soso-kevitra izany izy ireo.

Raha ny fotoana no asiana teny dia betsaka ihany izany. Raha vao tsy lany teny anivon'ny HCC ity lalàna ity dia efa tokony ho nandinika ireo « département ministériel » amin'ny fanatsarana izay tokony hatao. Tsindriako etoana, fa misy ny « comité interministériel » izay ahitana ny Minisiteran'ny Fitsarana, ny Minisiteran'ny Mponina, ny Minisiteran'ny Filaminana Anaty, ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, ny Minisiteran'ny Fahasalamana, ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Minisiteran'ny Serasera, izay afaka mandinika tsara ny Tolo-dalàna napetraka.

Mba tsy hahalava ny fotoana, Andriamatoa Filoha, aoka isika hiroso avy hatrany amin'ny fandinihana ny Tolo-dalàna.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka an-dRamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna isika.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Teny ifampierana ny ato Ramatoa Minisitra, raha hevitra mitovy amin'izay ihany, aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana isika mba ahafahantsika manapaka hoe hiroso amin'ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity isika na tsia.

Omena fitenenana ianao, Ramatoa Minisitra.

**Ramatoa RAZAFINJATO Aurelie, Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina**
« Interministériel » izy ity, eto ny Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana. Mbola hamafisiko etoana fa ny « saisie officielle » avy taty amin'ny Antenimierampirenena mihitsy no tsy voarain'ny Governemanta, eo izy hanamafy azy. Raha ny fandraisana andraikitra amin'ny maha tomponandraikitra voalohany anay, tsy mitsoaka adidy mihitsy ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina, efa nataonay izay ary mbola hatao mba ho ara-dalàna ny zavatra hotanterahintsika ato.

**Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana**
Mankasitraka nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Manantitra ny fiarahabana izay efa natao teo.
Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, ianareo Solombavambahoaka isany.

Manamafy ny tenin-dRamatoa Minisitra teo ny tenako. Tsindriako ihany satria Tolo-dalàna vaovao izy ity fa tsy Tolo-dalàna efa teo aloha. Manamarina izany ny laharana mitondra azy, laharana 005-2024/PL, izany hoe vaovao mihitsy izy ity. Raha ny hevitray dia tokony hanaraka « procédure » vaovao izy ity toy ny fanao amin'ny Tolo-dalàna rehetra. Tsy mbola nisy fampitana azy ity tany amin'ny Governemanta.
Efa nomena fandraisam-pitenenana izahay hilaza hoe teknisiana izahay no tonga eto, fa tsy solotenan'ny Governemanta amin'ny ankapobeny. Angamba afaka manamafy izany koa Ramatoa Minisitra. Tsy « saisie » amin'ity Tolo-dalàna ity ny Governemanta, manamafy ny fialan-tsinin'Andriamatoa Minisitra ihany koa ny tenako satria voatazona amin'ny andraikitra hafa ny tenany.

Manamafy izahay satria zava-dehibe loatra ny fanaovana « saisie officielle »-n'ny Governemanta amin'ny Tolo-dalàna toy izao. Minisitera maromaro no voakasika amin'ity raharaha ity, misy fiantraikany amin'ny fanatanterahana ny asa izay vokatry ny lalàna ny tsy fandalovany tany amin'ny Governemanta. Ny zava-dehibe dia manana fotoana handinihana ny Tolo-dalàna ny Governemanta. Izahay afaka mijery, afaka mitondra ny hevitray mikasika ny pitsopitsony tazanay kanefa tsaratsara kokoa mba ho fampandrosoana ny fiarovana ny zon'ireo olona ireo satria samy manana ny tombontsoany na ny atỳ amin'ny Governemanta na taty amin'ny Parlemanta. Samy mikendry ny tombontsoan'ireo olona ireo isika. Inoanay fa tsaratsara raha halalinina tsara io Tolo-dalàna io, hitondranay ny pitsopitsony izay mety ho fanatsarana ny tombontsoan'ireo olona ireo.

Mankasitraka indrindra, Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra, Ramatoa Sekretera Jeneraly.

Miverina amintsika Solombavambahoaka indray ny fitenenana.

Miangavy antsika mba ho tony satria tsy misy zavatra ho tapaka eto raha tsy teny ierana amin'ny Fitsipika Anaty mifehy antsika; ny Minisitry ny Mponina rahateo efa Solombavambahoaka tato no lasa Minisitra. Koa miangavy fifanajana amintsika samy isika, ny hevitra no miady fa tsy sanatria isika no hifamaly eto.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RANDRIANARIVO Edwin, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambato Boeny, izay nangataka fitenenana efa ela.

**Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin**
Mankasitraka nanome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Misaotra anareo Birao Maharitra, misaotra antsika Solombavambahoaka tonga manatrika, misaotra anareo solotena avy amin'ny Minisitera.

Te-hanamafy aho, Andriamatoa Filoha, efa indroa amin'ity izao zavatra izao no miseho raha nampiantso ny Mpanatanteraka isika. Toy izao ihany koa no nitranga tamin'ny Vaomieran'ny Asa tànana, hiroso, handinika. Araka ny voalaza teo, samy mahatsapa isika rehetra fa zavatra goavana no manjo ireo olona manana toe-tena varira. Mijaly, mampalahelo, mahamenatra eto amin'ny firenentsika izany hoe olona esorina velona ny masony, vonoina amin'ny toe-javatra ohatran'izany.
Te-hiteny aho hoe mbola hasiana fanemorana indray ve kanefa ny mahazo an'ireo olona ireo efa mahamenatra eto amin'ity firenentsika ity.

Eto aho dia misaotra ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nanolotra ity Tolo-dalàna ity hanamafisana ny sazy ampiharaina amin'ny mpanao herisetra amin'ireo olona ireo. Ny tanjontsika dia hoe ahoana no hiarovana ireo olona ireo. Izaho aza te-hiteny mihitsy hoe misy lehiben'izy ireo ve. Ianao mihitsy no tiako hiteny hoe mety aminao ve izany fomba fijery hanemorana indray ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity sa ahoana. Avy eo manapakevitra isika satria ianareo no tena voakasika amin'ity zavatra ity, sahirana ny Solombavambahoaka mijery izay tokony hatao rehetra.
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**
Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, miarahaba anao Ramatoa Minisitra, tsy latsa-danja amin'izany ianareo Solombavambahoaka namana.

Rehefa avy eo ny tenako mbola hiresaka rehefa mahazo fitenenana.

Manamafy aho, Andriamatoa Filoha, manana ahiahy satria ohatran'ny tsy te-handray ny andraikiny ny fitondram-panjakana izay misy manoloana ireto olona ireto.

Niasa mafy izahay nanao azy ity, adala ve izahay, teknisiana maro, nisy mpitsara nandinika azy ity. Tsy atokisanareo ve izahay Solombavambahoaka nandinika azy hoe ity no mety, itadiavanareo "excuse" hoe tara ny fahatongavany, ny fandefasana ny antontan-taratasy. Aza atao an'izany Ramatoa Minisitra, miangavy Tompoko. Tsy sanatria hoe hamandrika anareo, isika samy miaro ny fanjakana, izahay tsy hanolo-bato mafana anareo mambran'ny Governemanta, hahasoa antsika izy ity.
Efa miverimberina foana izy ity, lasa miasa saina, miantso ahy ireo varira manerana an'i Madagasikara, manontany hoe manao ahoana ihany ny Tolo-dalàna mikasika anay ity.

Koa miangavy aho, Andriamatoa Filoha, mba ho raisintsika an-tànana ny fandaniana azy haingana. Ataontsika tsangan-tànana hoe iza no manaiky ny tenin-dRamatoa Minisitra, izay no mba iangaviako anao satria raha hiady hevitra eto dia hiverimberina foana izy ity.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Ankasitrahana ny namana Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas tamin'izay fandraisam-pitenenana nataony izay.

Omentsika fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka RANDRIAMANANTENA Stipio, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy.

**Andriamatoa RANDRIAMANANTENA Stipio**
Misaotra manome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Arak'izay noresahan'ny namana Solombavambahoaka voafidy tao Betroka izay; na ianareo avy ao amin'ny Governemanta araka ny fandraisam-pitenenana nataon-dRamatoa Minisitra dia tena misy filàna maika dia maika ny fampandaniana ity lalàna ity.

Ho anay manokana dia mandray "casquette" amin'ny maha birao foiben'ny FLM izahay. Tiako hanomezana vaovao anareo fa tamin'ny voalohan'ny volana May teo izahay dia nanatanteraka fivoriana tany Vangaindrano ary nandalo tao amin'ny "centre" ao Farafangana fitaizana ireo zaza ireo.

Tsy hay intsony ny hamahana ny olana ao; miisa 69 ny zaza varira ao tamin'ny izahay nandalo tao. Rehefa niverina namangy tao indray izahay, nisy zaza varira teraka miisa roa naterin'ny Ray aman-dReniny tao ihany koa. Mitotaly 71 izany no isan'ny zaza varira ao izay omena sakafo maraina, atoandro, hariva.
Tsy misy olana ny fampiantranoana ao amin'ny FLM fa manana trano natokana amin'izany izy. Isaorana an-dRamatoa Minisitra raha nandalo tany nanome fanomezana ny tenany kanefa haharitra firy andro izany sakafo izany, izy no mahay azy. Ny dikan'izay, misy filàna maika satria miisa 71 ireo zaza ireo, mila sakafo isan'andro. Ny fiangonana dia izay fiangonana izay no asany. Marina fa nanaiky ny hitaiza azy ireo izahay kanefa raha mamelona zaza miisa 71 izany ka tsy misy fidiram-bola afa-tsy ny rakitra dia tena fahasahiranana lehibe ho an'ny fiangonana izany.

Mino izahay ary manantena fa ao anatin'ity Tolo-dalàna ity no mety ahitana vahaolana maharitra hitaizana ireo zaza ireo, mba hahafahan'izy ireo miaina ara-dalàna, manana zo tahaka ny zaza Malagasy rehetra.

Noho izany, Andriamatoa Filoha, tsy mandà ny soso-kevitr'izy ireo izahay fa manohana hoe tokony haroso faran'izay haingana satria efa filàna no misy eto.

Mikasika ny hoe tsy mbola vonona, raha namaky tatitra ny Mpampakateny teo dia nisy solotena avy tamin'ireo Minisitera ireo voasoratra ato. Tsy nanao tatitra tany ve ireo olona ireo sa ahoana no mahatonga ny olona miteny hoe mbola tsy voavakinay sa tsy solotena nalefan'ny Minisitera tsirairay ve ireo olona ireo ka mahatonga ny olana. Aminay, avy tany amin'ny "département ministériel" no olana eto fa tsy olana amin'ny fandinihana azy ity. Ny tianay hotenenina, raha misy olana ianareo amin'ny solotena izay nalefanareo, vahaonareo any izany fa izy ity efa filàn'ny vahoaka Malagasy. Mila aroso faran'izay haingana mba tsy hilazana fa ato amin'ny Antenimierampirenena indray no mitavozavoza amin'ny fandraisana andraikitra mikasika ny vahoaka Malagasy.

Mankasitraka Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Ampanihy.

Omentsika fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka DINAH Romual, voafidy tao Maroantsetra.

**Andriamatoa DINAH Romual**
Miarahaba Andriamatoa Filoha.
Miarahaba anareo mpanatanteraka, miarahaba ny Solombavambahoaka rehetra.

Misy zavatra mahagaga amintsika ato, gaga ny tenako, olona iray manana toerana Mpanatanteraka, misy ny olana mikasika ny varira nandritry ny taona maro, androany mbola milaza, mampametra-panontaniana amin-Janahary.
Inona no ahafantarana fa tena miasa loha amin'ny olona isika, miasa loha amin'ny asantsika. Raha izaho no anontanianao ny olana ao Maroantsetra, tsy tampoka amiko satria efa niasako loha hatramin'ny ela izany.

Raha izahay mpampianatra siantifika, tsy misy zavatra tampoka aminay izany ny laza adina na matematika mivoaka eo. Rehefa mivoaka izy dia efa hainay ny « courbe » tandrify azy, raha izao dia toy izao ny « courbe », izao ny « asymptote » na “oblique” na “horizontale” na “verticale”. Aleo isika tsy hanao zavatra mahagaga, Tompoko.

Olana mikasika ny olombelona varira, lahatra tandrify azy kanefa olombelona mitovy amintsika ihany. Rehefa nipoitra avy any ankibon-dreniny izy, zanak’olona mainty samy mainty kanefa lasa loko hafa. Tokony efa ho hain’ny olombelona ny nandinika azy hoe maninona ity olona ity no naka loko hafa kanefa ny Ray aman-dReniny mainty.
Tokony ho efa nodinihantsika koa satria nisy ny vono izay tsy azo iadian-kevitra, ny maty satria tsy misy indroa maty. Raha mbola hanitatra isika, tokony hoe ahoana ny fomba hiahiana azy ireo amin’ny lafiny fianarana, ny famatsiana, aiza ny vola, aorian’izay ny adihevitra. Ny maty tsy tokony hangatahana andro lava, ny velona esorina ny masony avy eo maty, izay no mila dinihana.

Raha tena mahatsapa ny adidy aman’andraikitra isika, tsy misy zavatra tampoka izany ny olan’ny olona manana toe-tena varira, efa ela io. Raha ny tokony ho izy, ianareo ao amin’ny Minisiteran’ny Mponina no tokony nanao Volavolan-dalàna mikasika azy ity raha tena miahy ny mponina no asanareo. Izahay Solombavambahoaka no miasa loha nanao Tolo-dalàna kanefa ianareo no tokony hanolotra Volavola-dalàna tato, izay no mahagaga anay.

Tsotra ny teniko, andao holaniana izy ity, fomban’ny lalàna ny toy izao. Rehefa hita ny lalàna fa misy fahabangana, azo ampiana amin’ny manaraka hoe ity mbola tokony hampidirina, aza angatahana andro ny ain’ny olombelona maty fa tsy misy maty indroa izany. Ny dahalo namono ireo olona ireo tsy nangataka andro, tsy nisy dahalo nanao hoe mbola dinihana izany hanao asa ratsy izany. Isika mandeha any am-piangonana mivavaka, mihaino ny toritenin’ny pasitera io, ampiharo ao anaty fiaraha-monina izany. Mampalahelo ny fifamonoana amin’ny samy malagasy.

Izay no fandraisako fitenenana, Andriamatoa Filoha, fa andao holaniana izy ity hiarovana ny ain’olombelona mitovy amintsika.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana ny Solombavambahoaka voafidy tao Maroantsetra.

Omena fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka RAZAFITSIALA Velomanana, voafidy tao amin’ny Distrikan’i Vohipeno.

**Andriamatoa RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mamerina ny fiarahabana ny mambran’ny Birao Maharitra;
Miarahaba anao Ramatoa Minisitra;
Miarahaba ny solotena avy amin’ny Minisitera voakasik’ity resaka varira ity koa.

Raha ny fisian'ny tranga zaza varira farany angamba raha tadidiko dia tao aminay tany Vohipeno. Io Tompoko tsy mahalala olona raha tsy ny Solombavambahoaka. Izaho no sahirana, tsy nandry andro tsy nandry alina nanao ny fitadiavana an'io zaza io, lany vola am-paosy.

Ny Minisiteran'ny Fitsarana nilaza fa tsy manam-bola hitondrana ireo olona voarohirohy tao Vohipeno handeha atỳ Antananarivo satria tsy natokisanay intsony ny Fitsarana tao Manakara fa nisy firaisana tsikombakomba niaraka tamin'ny mpitandro filaminana.

Raha ohatra mbola manana eritreritra ianareo ao amin'ny Governemanta hanatsara dia afaka manolotra Volavolan-dalàna hafa ianareo. Aleo hirosoana ity, afaka roa volana na telo volana na herin-taona ka vita ny Volavolan-dalàna avy aminareo, alefaso hanatsarana azy ho dinihanay eto. Ianareo efa nanana solotena tao, izahay mpikambana tao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna dia niady hevitra maharitra tamin'ny teknisiana nalefanareo, tsy nandeha taty tamin'izao izy ireo fa ianareo no naniraka azy.

Aoka izay efa vita haroso, aza mihemotra intsony, Andriamatoa Filoha, aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana handaniana azy ity isika.

Manentana antsika handany azy ity zato isan-jato ny tenako.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra amin'ny fanehoan-kevitra Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omentsika fitenenana Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Raha ny fanazavana nentin'ny solotena avy ao amin'ny Governemanta dia hoe tsy tonga araka ny fomba tokony ho nandefasana azy tany aminy ny Tolo-dalàna izay nentina teto. Tsy fantatra ny tena fahamarinan'izay satria raha araka ny vaovao fantatray dia nandefa izany araka ny tokony ho izy ny Antenimierampirenena. Tsy ifanomezan-tsiny izany satria zavatra efa nisy, teo anivon'ny Primatiora no nandefasan'ny Antenimierampirenena ny taratasy fa tsy nandefa teny anivon'ny Minisitera isan-tsokajiny satria izay no fomba. Raha ohatra ka ny teo anivon'ny Fiadidiana ny Primatiora, tamin'ny fanatanterahana izay no mety nisy « disfonctionnement », tsy misy tsiny izany satria efa toy izany koa tamin'ny Tolo-dalàna mikasika ny toaka gasy izay nolaniana farany teto. Rehefa nojerena dia voaray tany tokoa ny taratasy nalefantsika tato saingy noho ny hamaroan'ny asa teo anivon'ny Sekretaria Jeneralin'ny Governemanta dia tsy tonga tany amin'ireo « département ministériel » izay tokony handefasana ny taratasy avy taty amintsika.

Ho anay Andriamatoa Filoha, tsy sakana velively izany raha tena mijery ny tombontsoan'ireo olona manana toe-tena varira ireo isika. Azo atao tsara ny manolotra sy mandefa soso-kevitra any amin'ny Governemanta ary azo raisina satria mbola ao anatin'ny fivoriambe isika amin'izao fotoana izao.

Izany hoe, raha misy ny tolo-kevitra avy amin'ny Governemanta dia azontsika raisina, raikentintsika an-tsoratra izay tapaka farany ato miaraka amin'ny fanovàna avy amin'izy ireo no atao « version finale » amin'ny tolo-dalàna, azo atao izany.

Azo atao ihany koa, toy ny nataon'ny Governemanta tamin'ny Tolo-dalàna mikasika ny toaka gasy sy « vols de bœufs » teny anivon'ny Antenimierandoholona, nampiditra tolo-kevitra avy tamin'izy ireo. Hitako, Andriamatoa Filoha, fa azontsika irosoana ny fandaniana ity Tolo-dalàna ity satria mampalahelo ireo olombelona ireo.

Nilaza Ramatoa Minisitra teo fa tany Farafangana teo anivon'ny « centre » dia ny « Colonel » izay « Commandant de groupement » Atsimo Atsinanana no nandray an-tànana ireo olona manana toe-tena varira ireo ; marina izany. Ny mampalahelo dia ny olona manao ny tsara ihany no esorina satria nesorina tsy ho « Commandant de groupement » Atsimo Atsinanana io «Colonel» io fa nafindra any an-toeran-kafa. Aiza ho aiza ireo olona ireo amin'izao fotoana izao.
Tsy misy mpiahy ireo ankizy miisa 70 any amin'ny « centre SEZAFA » ao Farafangana. Mbola iandrasantsika fotoana tsy fantatra hoe rahoviana indray ve ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity. Miangavy izahay, Ramatoa Minisitra, ianareo teknisianan'ny Governemanta rehetra, fantatray fa ao anatin'ny fonareo tanteraka ireo olombelona ireo. Aoka tsy ny resaka « formalisme juridique » tsy hiteraka zavatra sarotra no tsy handinihantsika ny zavatra manahirana ireo olombelona ireo amin'izao fotoana izao.

Mangataka izahay, Andriamatoa Filoha, ny hirosoantsika amin'ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity.

Misaotra Tompoko.

**ANDRIAMATOA MPITARIKA FIVORIANA**
Ankasitrahana indrindra ny fanehoan-kevitra nataon'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

Omena fitenenana manaraka ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRMAR, Andriamatoa RESAMPA André.

**Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès**
Misaotra nanome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Faly miarahaba anao.
Miarahaba anao ihany koa Ramatoa Minisitra, ianareo tekinisiana ;
Miarahaba am-pananjana antsika Solombavambahoaka manatrika ity fivoriana androany ity.

Raha ny mikasika ny « urgence »-n'ity Tolo-dalàna ity dia ataoko fa tsy misy iandian-kevitra. Eo ihany koa anefa ny fangatahana fotoana nataon-dRamatoa Minisitra, mety misy antony izay fangatahana fotoana izay.

Raha ny hevitro, Andriamatoa Filoha, mangataka fiatoana 15 minitra ny tenako, mba hiatoan'ny fivoriantsika androany ahafahana mifampiresaka na izahay ato amin'ny Vondrona Parlemantera IRMAR, miaraka amin'ny mpanolotra ity Tolo-dalàna ity sy Ramatoa Minisitra.

Raha ny resaka « urgence » amin'ity Tolo-dalàna ity dia tsy misy iandian-kevitra, tianay ny handroso tsy misy hatak'andro mikasika azy ity, fa tsy maintsy misy fifampiresahana tokony hatao sy fanazavana ihany.
Izay no angatahana raha azo atao, Tompoko.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**- 7 -**
**- Fiatoan'ny fivoriana -**

**ANDRIAMATOA MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka indrindra, Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera maro an'isa ato amin'ny Antenimierampirenena.

Misy hevitra roa samihafa nivoitra teo, ny iray manao hoe andao isika hiroso, ny iray miteny hoe andao isika hiato mandritry ny 15 minitra.

Hanaovantsika tsangan-tànana ny mikasika izay fanapahan-kevitra izay hoe hiato mandritry ny 15 minitra isika mba ahafahana mifampiresaka dia miverina eto rehefa avy eo na hoe andao hiroso ihany hoterentsika ohatran'ny voalobo-jaza, hiroso ihany. Miankina amin'ny teny lany era ny ato.

Antsangano ny tànan'izay manaiky hoe andao isika hiato mandritry ny 15 minitra.

- Solombavambahoaka miisa 14 no nandany -

Iza no miteny hoe hiroso isika.

- Solombavambahoaka miisa 12 nandany -

Ambara izany fa miato mandritry ny 15 minitra ny fivoriantsika

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 1 ora sy 35 minitra ny fivoriana.

- Lakolosy -

**- 8 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa MPITARIKA NY FIVORIANA**
Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantsika taorian'iny fiatoana iny.

Ampahatsiahivina fa ny fandaharam-potoanantsika izao atoandro izao dia fivoriambe andinihana sy andraisana fanapahan-kevitra mahakasika ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2024/PL « sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka ».

Ao ve ny Mpampakateny?
Tsy ao.

Rehefa tonga ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas, izy no asaintsika miakatra etỳ anoloana. Mialatsiny indrindra, Andriamatoa Mpampakateny.

Mialohan'ny hirosoantsika amin'ny adihevitra ankapobeny dia omena fitenenana ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas izay nanolotra ity Tolo-dalàna ity.

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy ianareo Solombavambahoaka namana.
Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny Tale Jeneraly roa tonta ary ny teknisiana.

Isaorantsika Andriamatoa Filoha, maromaroa toy izao hoy Ntaolo, isaorana nanaiky ny hirosoana amin'ny fandaniana ny Tolo-dalàna izay natolotro. Natao araka ny voalazan'ny Mpampakateny tamin'ny tatitra izay nataony teo, ho tombotsoa hanampiana ireo namantsika varira izy ity.

Koa tsy ho lava resaka ny tenako, Andriamatoa Filoha, ianareo nanaiky izao fihaonana izao. Isaorana ihany koa ianareo namana teknisiana, notarihan-dRamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna, ny avy ao amin'ny Minisitera izay nandinika ity Tolo-dalàna ity satria nisy ny famerenan'ny HCC an'ity lalàna ity taty amintsika.

Efa haintsika ny antony nanaovana ity Tolo-dalàna ity ka tsy tokony hivalaparana intsony, Andriamatoa Filoha. Misaotra anareo eny amin'ny « perchoir » mitarika ny fivoriana. Mangataka antsika Solombavambahoka rehetra handany ity Tolo-dalàna izay natolotro eto anivon'ny Antenimierampirenena ity.
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorantsika Andriamatoa Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas tamin'izay famelabelarana sy fangatahana izay nataony izay.

Omena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta ahafahany maneho ny heviny mikasika ity Tolo-dalàna ity.

**Ramatoa RAZAFINJATO Aurélie, Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ianareo Mambra ao amin'ny Birao Maharitra.
Ianareo Solombavambahoaka izay manatrika entoana, ny ato amin'ny lafiny teknika, ao koa ny Sekretera Jeneraly roa tonta avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana sy Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, ny avy ao amin'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka, indrindra ireo Tale isan-jokajiny amin'ny laharam-boninahitra, ato ihany koa ny Filohan'ny Varira, isika rehetra indrindra isika Solombavambahoaka vory lanina eto.

Zava-dehibe ny andro androany satria efa hatramin'ny maraina isika no teto.
Tsy maintsy mijery soso-kevitra hahatsara ny fanatanterahana azy eo amin'ny lafiny teknika isika, satria lalàna velona natao hotanterahana eto amin'ny tany sy ny firenena izay tapaka avy amin'ny Antenimiera roa tonta izy ity. Miandalana ihany ny fanamarihana any amin'ny andininy samihafa.
Ankasitrahana ny ahafahantsika miroso amin'ny fitohizan'ity fivoriambe ity.

Mankasitraka anao, Andriamatoa Filoha Lefitra, amin'ny fitarihana ; afaka miroso isika, afaka manome soso-kevitra miandalana eny ny teknisiana.

Eto ny Filohan'ny Varira, afaka manome antontan'isa ve ianao azafady. Firy marina ny Varira eto Madagasikara, satria ohatra ny any amin'ny « centre » no hita kanefa mety manana antontan'isa ianareo.
Izay no tiana ho fantatra satria isika mandany lalàna, ianareo hampandany ny lalàna, izahay amin'ny fanatanterahana.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa SOJA RAMIANDRISOA Fulgence, Filohan'ny Fikambanana Varira**
Misaotra betsaka nanome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,
Ramatoa Minisitra sy ireo teknisiana miaraka aminy,
Ianareo Solombavambahoka rehetra.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Azafady Andriamatoa Filoha, ampandrosoanay etỳ anoloana ianao, hanaporofoana fa zava-dehibe ho an'ny Solombavambahoaka ity Tolo-dalàna ataontsika eto androany ity.

**Andriamatoa SOJA RAMIANDRISOA Fulgence, Filohan'ny Fikambanana Varira**
Fisaorana lehibe no atolotray, izay isoloako tena ny Varira manerana ny nosy noho ny fahatsapa lehibe avy aminareo tomponandraikitra, ianareo olom-boafidy, mahalala fa mandalo olana goavana izahay.

Araraotina ihany rehefa miteny amin'izao fotoana izao, satria tsara ho fatantsika fa mbola miaina tanteraka ao anatin'ny tsy fandriam-pahalemanana ny olona manana toe-tena varira. Tamin'ity taona ity, miisa 8 ny tranga ary 2 no maty.
Ny taona 2024 nisy tranga 24, miisa 12 no maty. Ny taona 2023 nahitana tranga 21, miisa 5 no maty. Ny taona 2022 nahitana tranga 25, miisa 7 no maty.

Ny tiana ambara amin'izany, raha sitrakay, anio ihany dia hivaly avy any amin'ny HCC hoe lany ny lalàna.

Isaoranay lehibe anareo nanana finiavana, nanana fahavononana hiady hevitra, hiroso amin'ny fanatsarana ny ho avin'ny olona manana toe-tena Varira.

Ramatoa Minisitra nanazava hoe tsara ny manana antontan'isa, ny antontan'isa tena « fiable », feno, fa raha ny marina dia manodidina ny 1 000 ny Varira fantatra manerana ny Nosy. Amin'ny fikambanana, tsy azo terena ny olona iray hiditra ho mpikambana, fantatray izany noho ny fiaraha-miasa eo anivon'ny Zandarimaria, misy ny « identification »-n'ireny olona ireny isaky ny toerany. Manatombo kokoa ny varira any Atsimo Atsinanana, Androy, Anosy, Vatovavy ary Fitovinany.

Mankasitraka Tompoko.

**- 9 -**

**- Adihevitra ankapobeny -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana ny Filohan'ny Varira, omentsika tehaka izy.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy, izao isika dia hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny satria fanamarihana no nataontsika teo. Koa izay Solombavambahoaka handray fitenenana, iangaviana am-panajàna, Tompoko, hanangan-tànana handraisana ny anarany.

Marihina fa afaka mandray fitenenana hatrany ianareo avy ao amin'ny Governemanta mandritry ny adi-hevitra.

Misaotra Tompoko.

Omena fitenenana Ramatoa Filohan'ny Vaomiera ny Lalàna.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mialatsiny raha ohatra ka mandray fitenenana kely, tsy hoe tsy feno akory ny teny izay nentin'ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas, izay tompon'ny Tolo-dalàna teo. Aminay ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna, tianay ny mitondra fanampim-panazavàna eto anivontsika rehetra manatrika izao fivoriambe izao.

Ity Tolo-dalàna ity dia nezahana nasiana fanampiny raha oharina tamin'ny Tolo-dalàna teo aloha. Araka ny efa fatantsika, nisy ny fandavàna teny anivon'ny HCC, nisy ny « dispositions » izay tsy nifanaraka tamin'ny Lalàmpanorenana. Marihana fa ireo « dispositions » rehetra izay nolazain'ny HCC tamin'ny Didy navoakany tamin'izany fotoana izany dia efa nezahina nojerena teo anivon'ny Vaomiera sy ireo teknisianan'ny Governemanta izay tonga nanatrika teto.

Tiana ny milaza fa misy ireo fanovàna mankany amin'ny fanatsarana izay natao, mbola angatahana ny eo anivon'ny Governemanta sy ny teknisiana rehetra hanampy izany, indrindra amin'ny fametrahana ny «réseau de protection des personnes atteintes d'albinisme ». Zava-dehibe ny fametrahana an'io ao anatin'ity Tolo-dalàna ity, apetraka eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina. Hisy ireo « comité interministériel » izay hitambatra ao. Araka ny efa fantatsika dia misy ny « réseau de protection de l'enfance ». Hitanay fa efa mandeha araka ny tokony ho izy io « réseau » io amin'izao fotoana izao itambaran'ny Minisitera maro izay tonga manatrika eto, ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fahasalamana, ny Filaminam-bahoaka, sy ny maro hafa.
Tianay raha ampitoviana amin'izay ny fametrahana ny « réseau pour la protection des personnes atteintes d'albinisme » izay ny « département Ministériel en charge de la Population » no hiandraikitra azy.

Nitondra fanamarihana kely ihany ny tenako tao amin'ny asam-baomiera fa mety hadinon'ny teo anivon'ny mpitantsoratra angamba ny nampiditra azy.
Ohatra ao amin'ny andininy faha-13, ao amin'ny « version amendée », nisy ny fanazavana teo anivon'ny asam-baomiera amin'ny fampidirana andalana vaovao ao anatin'io andininy faha-13 io mikasika ireo « mesures spécifiques » mba ahafahana miantoka ny fandriam-pahalemana sy ny « bien être »-n'ireo varira, indrindra amin'ny resaka fitsabona sy ny « protection solaire ».

Toy izao no fivakin'izany andalana vaovao izany : « des mesures spécifiques sont mises en place pour garantir la sécurité et le bien être des personnes atteinte d'albinisme notamment en matière de soin de santé et de protection solaire » izay ny Minisiteran'ny Fahasalamana no miandraikitra izany.

Ankoatran'izay, ao amin'ny andininy faha-14, misy fanovàna kely, resaka fitsipi-pitenenana, voasoratra ao amin'ny « version amendée » hoe « l'état de personne atteinte d'albinisme ne peut en aucun cas être source de licenciement » tokony ho izay fa latsaka ny « cas », tsy hoe « source licenciement » fa misy « de » eo, latsaka koa ny « de ».

Ao amin'ny andininy faha-17, ao amin'ny hoe « réseau », andalana faha-2, « Le RPPAA est chargé de la surveillance » no voasoratra ao, raha ny tapaka tao anivon'ny asam-baomiera dia hoe : « Le RPPAA est chargé de la défense, de la protection et de la prévention générale des violations des droits des personnes atteintes d'albinisme ».

Raha tsy diso aho, ao amin'ny andininy faha-24, tsy haiko raha « supprimé » ny any aminareo fa ny ato amiko mbola tavela eto dia hoe : « est considéré comme tentative tout acte qui aura manifesté par commencement d'exécution indépendamment du résultat de celui-ci ». Araka ny efa noresahina tao amin'ny asa-mbaomiera, zavatra efa voalazan'ny fehezan-dalàna famaizana io ka tsy tokony Haverina amin'ity Tolo-dalàna ity intsony.

Izay Andriamatoa Filoha no fanamarihana ankapobeny entinay fa rehefa hiditra amin'ny fandinihana amin'ny antsipirian'ny lalàna, misokatra ho an'ny rehetra ihany ny adihevitra.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana ny Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna nitondra izay fanamarihana izay.

Omena fitenenana ianareo solotena avy ao amin'ny Governemanta raha toa ka misy ambara.

**Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana**
Mankasitraka, indrindra Andriamatoa Filoha.

Ny fanontaniana hoe tonga dia mikasika ny andininy rehetra sa alefantsika tsirairay ve ny fandaniana azy ity ?

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misy ny alefantsika isaky ny andininy rehefa avy eo.

**Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana**
Amin'izay no handray fitenenana izahay, Tompoko.

**- 10 -**

**- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2024/PL -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mbola misy handray fitenenana ve ?

Tompokolahy sy Tompokovavy, koa satria tsy misy handray fitenenana intsony dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy mikasika ity Tolo-dalàna ity isika.

Marihina fa ahitana andininy miisa 32 ity Tolo-dalàna ity.

- Famelabelarana ny antonantony : nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika izany.

- Tsy misy -

Izay mandany izany, iangaviana hanangan-tànana.

- Solombavambahoaka miisa 24 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Koa ambarako fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny famelabelarana ny antonantony.

Miditra amin'ny « Chapitre I » isika : « les définitions et des principes fondamentaux ».

- Andininy voalohany : nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io ?

- Tsy misy -

Izay mandany izany, iangaviana hanangan-tànana.

- Solombavambahoaka miisa 24 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany amin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny andininy voalohany.

- Andininy faha-2 : nolanian'ny vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara mahakasika io andininy io?

Manao satroka ny Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mialatsiny mangataka satroka kely, nandritry ny asam-baomiera dia nametraka ny teknisiana teo anivon'ny Governemanta fa hisy fanatsarana hoentiny amin'io andininy faha-2 io, asa raha mbola mitazona izany ry zareo na tsia, mahakasika ny « définition ».

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

Ankasitrahana indrindra izay fanamarihana izay.

Manan-kambara ve tompoko ny solotenan'ny Governemanta ?

**Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana**
Mankasitraka Andriamatoa Filoha.

Fanamarihana, tsara raha alefa « par ordre alphabétique » ny « mot » tsirairay anaovana « définition ». Fanitsiana ara-tsoratra, manomboka amin'ny « albinisme » misy diso, « les yeux » no izy.

Izay ihany aloha ny fanamarihana hoentinay.
Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka Tompoko.
Azonareo entina izay fanitsiana izay amin'ny fotoana mahamety azy.

Atsangano ny tànan'izay mandany io andininy faha-2 io.

- Solombavambahoaka miisa 24 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-2 araka ny fanitsiana sy ny fanovàna nataon'ny vaomiera.

- Andininy faha-3 : nolanin'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io ?

- Tsy misy -

Manan-kambara ve ny avy ao amin'ny Governemanta.

Atsangano ny tànan'izay mandany io andininy faha-3 io.

- Solombavambahoaka miisa 24 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny andininy faha-3.

- Andininy faha-4 ka hatramin'ny andininy faha-6 : nolanian'ny vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manana ambara mahakasika io andininy io ?

- Tsy misy -

Misy manan-kambara ve ny avy ao amin'ny Governemanta ?

Atsangano ny tànan'izay mandany ireo andininy ireo

- Solombavambahoaka miisa 24 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany amin'ny endriny nasiam-panovàna sy nasiam-panitsiana ny andininy faha-4 ka hatramin'ny andininy faha-6.

Hiditra amin'ny « chapitre II » sy « chapitre III » isika « de la protection des personnes atteintes d'albinisme ».

- Andininy faha-7 : nolanian'ny vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara mikasika izany.

- Tsy misy -

Misy manan-kambara ve ny avy ao amin'ny Governemanta ?

**Ramatoa RAZAFINJATO Aurélie, Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina.**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Tsy hoe misakana ny fandaniana, te-hanamarika fotsiny fa nandeha ny andininy faha-4, sady mamaky izahay no mijery ny fanovàna. Andininy faha-6 : io « protection sociale » io dia iombonanay rehetra satria any aloha any misy hoe « les parents s'engagent à lutter contre… », andininy faha-3.
Eo amin'ny andininy faha-4, 5, 6 ohatra no mametraka ny anjara andraikitry ny fanjakana, tsy hita taratra loatra intsony ny « les parents », io no mila fandrindrana. Marina fa misy ny « décret d'application ». Apetraka sahady satria isika mankalaza ny iray volan'ny ankizy, ny lohahevitra dia hoe « Raiamandreny tomponandraikitra, ankizy voaaro sy misitraka ny zony ». Mametraka feno izay andraikitry ny Raiamandreny izany no mahatonga anay mametraka ny tsilian-tsofina ao anatin'io. Iombonantsika ny fanatanterahana azy ity hoe tena misy andraikitra lehibe ny Raiamandreny fa tsy ny fanjakana irery. Ny tiana hotsindriana dia mba hifandrindra amin'ny fanomezana andraikitra ny Raiamandreny miaraka amin'ny fanjakana.
Ry zareo any amin'ny resaka lalàna, afaka manamafy ny fandrindrana izay. Izay no tiana hatsidika Tompoko.

Mankasitraka tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka, Ramatoa Minisitra, tamin'ny fandraisam-pitenenana sy izay fanamarihana nataonao izay.
Mbola misy ny « principe de navette », fantatrareo tsara izay zavatra izay, ianao efa indroa no Solombavambahoaka. Rehefa vonona ny soso-kevitra avy amin'ny Governemanta dia ampidirina ao anatiny, dinihana any amin'ny vaomiera, rehefa miverina avy any amin'ny Antenimierandoholona. Hojerentsika ny mikasika izay.

Izay no fanamarihana avy amin'ny solotenan'ny Governemanta, efa lany izy iny ka tsy iverenantsika intsony ny andininy faha-4 hatramin'ny andininy faha-6.

Mahakasika ny « chapitre II : des droits et de la protection des personnes atteinte d'albinisme ».

- Andininy faha-7 : nolanian'ny vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara mikasika izany.

- Tsy misy -

Misy manan-kambara ve ny avy ao amin'ny Governemanta ?

Atsangano ny tànan'izay mandany io andininy faha-7.

- Solombavambahoaka miisa 24 no nanangan-tànana.

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany araka ny fanitsiana sy fanovàna ny andininy faha-7.

- Andininy faha-8 : nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika izany.

- Tsy misy -

Misy manan-kambara ve ny avy ao amin'ny Governemanta ?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany io andininy faha-8.

- Solombavambahoaka miisa 24 no nanangan-tànana.

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana ny andininy faha-8.

- Andininy faha-9 ka hatramin'ny andininy faha-14 : nolanian'ny vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara mikasika izany.

**Andriamatoa RABEMANANTSOA Rolland**
Sao dia tokony hodinihan'ny ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana io. Ao amin'ny andininy faha-13 misy hoe : « L'Etat garanti l'accès gratuit aux soins médicaux dans les établissements hospitaliers publics et les centres de Santé de Base pour toutes personnes atteinte d'albinisme. »

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Efa nisy fanamarihana nataon-dRamatoa Filohan'ny Vaomiera, tsara angamba averinao indray ny mikasika ny andininy faha-13 rehefa avy eo.

Afaka tonga dia atao satria ny andininy faha-9 ka hatramin'ny andininy faha-14 no laniantsika.

Omentsika fitenenana ny solotenan'ny Governemanta satria nisy fanamarihana nataony tamin'ny andininy faha-10.

**Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-10, andalana faha-2 : « la juridiction des enfants est seule compétente pour décider du placement des enfants ». Mba tianay hovàna hoe io teny io : « Le juge des enfants » satria izy ihany no manana izay fahefana izay, foanana ny hoe : « La juridiction », fa avadika hoe « Le juge des enfants ». Misy tohiny eo hoe « Un arrêté ministériel réglemente le placement social des personnes atteintes d'albinisme en situation difficile nécessitant une protection spéciale ». Sitrakay raha tsy asiana io « arrêté ministériel », fa avy hatrany dia ny « juge des enfants » ihany satria izy no mandray ny fanapahan-kevitra amin'ny loza mikasika ny zaza araka ny lalàna laharana faha-2007-023 tamin'ny 20 Aogositra 2007, momba ny fiarovana ny ankizy.

Izay no fanamarihana avy aty aminay, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Omena ny teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina ny fitenenana.

**Andriamatoa RABEMANANTSOA Rolland, Teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Mponina**
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Eo amin'io andininy faha-10 io ihany, satria efa misy ny « comité de protection », tsy asiana intsony hoe « à travers le Ministère en charge de la Population » fa tonga dia « à travers le comité de protection », satria ny « comité » efa eo anivon'ny Ministeran'ny Mponina ihany no mipetraka.

Mankasitraka Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka indrindra, tsy haiko na mitovy ny taratasy eo am-pelan-tànantsika na tsy mitovy. Efa nanome fanazavana, Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna teo hoe efa nofoanana ny andininy faha-9.
Tsara angamba isika tsy hamerina ny asam-baoamiera intsony, fa ny fanamarihana avy amin'ny Governemanta no henointsika. Araka ny nolazaiko teo hoe araka ny « principe de navette », any isika vao mampiditra azy.

Omena fitenenana, Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Solombavambahoaka RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mikasika ny fanamarihana voalohany nataon'ny solotenan'ny Governemanta hoe : « la juridiction des enfants », marina izay satria efa nahitsy tany amin'ny asam-baomiera hoe « le juge des enfants est seul compétant ». Efa nofoanana tao amin'ny asam-baomiera ihany koa ny hoe « un arrêté ministériel réglemente le placement » satria adihevitra tao izay, mety ny tamin'ny fitanana an-tsoratra angamba no mety nahatonga an'io.

Mikasika ny fanamarihana ao amin'ny andininy faha-13, izay nentin'ny Solombavambahoaka RANDRIANARISON Maurice Lucien, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mananjary teo. Ny Minisiteran'ny Fahasalamana no tomponandraikitra voalohany raha resaka fahasalaman'ireo olona ireo. Izay no nahatonga ny hoe resaka fahasalamana no voalazan'ity andininy faha-13 ity. Izany hoe : « entièrement ce qui concerne la santé des personnes atteintes d'albinisme ».

Raha ny tokony ho izy dia misy « dispositions », andininy be dia be io, amin'ny tokony hoe inona no andraikitry ny Minisiteran'ny Fahasalamana mikasika ireo olona ireo.

Isika mahafantatra sy mahatsapa amin'ny maha Solombavambahoaka antsika, raha tena apetraka mazava tsara ao anatin'ity lalàna ity, ireo fanafody tokony ho azon'ireo olona manana toe-tena varira ireo dia ho vesatra ho an'ny Fanjakana. Fantatrao satria ianao dokotera, fa anisan'ny farany lafo indrindra ny fanafody mikasika ny olona manana toe-tena varira. Misy ihany ny fanafody « essentiel » tsy maintsy ilaina. Izany no nametrahana ny « principe de la gratuité et disponibilité »-n'ny fanafody eny anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, eny amin'ny « Centre de Santé de Base, misy « décret d'application » manazava izany.

Fanampin'izay, efa nohazavaiko teo fa mety mbola tsy tonga ianao, misy « dispositions » efa noresahanay tao amin'ny asam-baomiera ihany koa, izay tokony ho andalana faha-2 hoe : « des mesures spécifiques sont mises en place pour garantir la sécurité, le bien être des personnes atteintes d'albinisme notamment en matière de soin de santé et de protection solaire ». Izany hoe, natao amin'ny ankapobeny fa ny Minisiteran'ny Fahasalamana no mahafantatra hoe ireto no zava-misy, miankina amin'ny fahafahan'ny fanjakana ny fiarovana ireo olombelona ireo.

Misaotra Tompoko.

**ANDRIAMATOA MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Làlana, nitondra izay fanazavana izay.

Amafisiko ihany, ny resaka nambarany teo hoe mbola hisy « décret d'application » hijerena ny pitsopitsony rehetra mikasika ity Tolo-dalàna ity, raha toa ka lany soa aman-tsara eto.

Hiditra amin'ny andininy faha-15 isika raha tsy misy manana fanamarihana intsony.

- Andininy faha-15 : nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manankambara mikasika izany.

- Tsy misy -

Ny avy ao amin'ny solotenan'ny Governemanta.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany io andininy faha-15.

- Solombavambahoaka miisa 24 no nandany -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Misy Solombavambahoaka sady tsy manda, no tsy mitsipaka, no tsy milaza ny heviny.

Koa ambarako fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny andininy faha-15.

- Andininy faha-16 : nolanian'ny Vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io ?

- Tsy misy -

Ny avy ao amin'ny solotenan'ny Governemanta.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany ny andininy faha-16.

- Solombavambahoaka miisa 24 no nandany -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany araka ny fanitsiana sy ny fanovàna nataon'ny vaomiera ny andininy faha-16.

Miditra amin'ny « chapitre III » isika.

« Du comité de protection des personnes atteintes d'albinisme ». « Section 1 : de la création du comité ».

- Andininy faha-17 sy ny andininy faha-18 : nolanian'ny Vaomiera, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo.

- Tsy misy -

Ny avy ao amin'ny solotenan'ny Governemanta.

**Ramatoa RAZAFINJATO Aurélie, Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina**
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

« Réseau ou comité» satria ny «texte» eto am-pelan-tànanay amin'ny fanitsiana, efa nataontsika hoe « réseau RPPAA ».

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
« Réseau »

Atsangano ny tànan'izay mandany ny andininy faha-17 sy ny andininy faha-18

- Solombavambahoaka miisa 26 no nanangan-tànana.

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany araka ny fanitsiana nataon'ny Vaomiera ny andininy faha-17 sy ny andininy faha-18.

Miditra amin'ny « Section 2 : De la saisine du comité et de la prise en charge » isika.

- Andininy faha-19 ka hatramin'ny andininy faha-23 : nolanian'ny Vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo.

Omena fitenenana Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Angamba mety ho fifandisoana amin'ny taratasy, efa nosoloina « réseau » daholo ny « comité » rehetra any anatin'ny taratasy any.

Miala tsiny Andriamatoa Filoha, miverina kely raha tsy mahadiso ao amin'ny andininy faha-16, mangataka izahay hanao fanamarihana any amin'ny mpitantsoratra rehefa avy eo, mahatsikaritra fa ohatran'ny tsy nesorina io andininy faha-16 io tany amin'ny asam-baomera. Mangataka alàlana izahay mba hanontany any amin-dry zareo rehefa tapitra izao fivoriambe ataontsika izao.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Raisina kely izay fanamarihana izay Ramatoa Sekretera Jeneraly Lefitra.

Mankasitraka Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

Omena fitenenana Ramatoa Tale Jeneraly

**Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana**
Mikasika ny « article 23 », Andriamatoa Filoha, izay mahatsikaritra hoe efa voalaza any amin'ny andininy faha-17 ny mikasika ny andraikitry ny RPPAA. Tokony arindra kely angamba fa ohatra ny miverimberina mikasika ny RPPAA.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka Ramatoa Tale Jeneraly tamin'ny fanamarihana.

Omena fitenenana Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra Andriamatoa Filoha.

Azo raisina izay fanamarihana izay, azo atao tsara ny manambatra iray ny « dispositions » amin'ny andininy faha-17 sy ny faha-23 araka izay voalaza izay.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra Ramatoa Filohan'ny Vaomiera.

Izay no mahakasika an'iny, hiditra amin'ny fandaniana isika.

Atsangano ny tànan'izay mandany ny andininy faha-19 hatramin'ny andininy faha-23, araka ny fanovàna sy fanitsiana teo.

- Solombavambahoaka miisa 20 no nanangan-tànana.

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany araka ny fanovàna sy fanitsiana nataon'ny vaomiera ny andininy faha-19 hatramin'ny andininy faha-23.

Hiditra amin'ny « Chapitre IV : De la Repression » isika.

- Andininy faha-24 ka hatramin'ny andininy faha-29 : nolanian'ny vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara mikasika io ?

Omena fitenenana Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ny andininy faha-27 no itondrako teny kely, raha ny teo anivon'ny asam-baomiera dia nisy fanamarihana avy tany amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana mikasika ny andalana faha-2 hoe : « Il est interdit d'utiliser une personne atteinte d'albinisme à des fins de mendicité » satria ny « mendicité » dia fehezan-dalàna famaizana, fanamarihana nentin-dry zareo ny hanesorana an'io raha tsy diso ny fitadidiako. Tsara raha toa ka mitondra fanazavana mahakasika izay ry zareo raha mbola mipetraka izay fanamarihana izay na tsia.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA NY FIVORIANA**
Misaotra Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.
Omena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta.

**Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana**
Eny Tompoko, manamafy izahay hoe tokony hesorina io resaka « mendicité » ao amin'ny andalana faha-2 io.

Fanampin'izay, Andriamatoa Filoha, afaka tonga dia tohizako ao amin'ny andininy faha-24, andalana faha-2 amin'ny farany misy hoe : « ou l'une de ces peines seulement », heloka bevava ny resantsika eto. Heverinay fa tsy tokony hisy safidy amin'ny lalàna hoe misafidy « amende » fa avy hatrany dia tokony ho fanasaziana no ampiharina, sazy famonjana fa tsy tokony hisy an'io hoe « ou l'une de ces peines seulement » io.

Torak'izay koa ao amin'ny andininy faha-27 eo amin'ny hoe : « sera puni de la peine des travaux forcés à temps d'une amende », aleo esorina ny « amende », atao fanasaziana « travaux forcé à temps » ihany no hitanay hoe tsara atao amin'io.

Miverina kely amin'ny andininy faha-26 aho, miresaka momba ny « traite » isika, « traite des êtres humains ». Efa misy lalàna mikasika azy io, miresaka ny famarinan'olona, mbola eo ampamolavolana ny Minisiteran'ny Fitsarana. Mba hisian'ny fanamafisana ny sazy, sitrakay raha ohatra tsy ampidirina ato ity « traite » ity mikasika ny olona manana toe-tena varira, fa alefa amin'izay lalàna vaovao izay. Mbola handalo eto ihany izay lalàna izay amin'ny fotoana hitondrana azy.
Raha ny sitrakay dia tsy atao ato ity resaka « traite » ity fa any amin'ny lalàna « spéciale » mikasika ny « traite ».

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra, Ramatoa Sekretera Jeneraly.

Mamerina ny fitenenana ho an-dRamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mikasika ny fanamarihana avy any amin'ny Governemanta, ny andininy faha-24 no voalohany. Marina ny voalaza teo hoe, esorina ny « faculté » amin'ny resaka fifidianana ny « peines » hoe « ou l'une de ces peines seulement » ao amin'ny andininy faha-24.

Mikasika ny andininy faha-26, marina ny voalaza teo hoe efa manao ny volavolan-dalàna momba ny « traite » ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ireo « département ministériel » rehetra mivondrona mikasika izany. Ny zava-misy nahatonga ity andininy ity napetraka tato, miaramahita isika fa tena misy ny « traite » ho an'ireo olona manana toe-tena varira ireo.

Eto izahay dia mametraka fanontaniana hoe « renvoie » ve no hatao satria mbola tsy misy ny lalàna, sao dia apetraka io arindranareo amin'io ny lalàna apetrakareo rehefa avy eo hoe : « selon les dispositions » ity lalàna ity, raha ohatra lany. Izay no hitako mety ho « logique » kokoa, satria ity « loi spéciale », « protection spéciale » no ataontsika amin-dry zareo. Tsara raha ohatra « mentionné » ato anatin'ity satria izay no « recommandation » voaraintsika malagasy avy tany amin'ny « examen périodique universelle » sy ny « rapporteur spécial des Nations Unies » amin'ny olona manana toe-tena varira. Ny hamaritana izay « dispositions » izay ato anatin'ity lalàna ity no tokony hojerena. Raha ny sitrakay dia ny hitazonana an'io, fa ny lalàna izay hataonareo no hampifanarahana amin'ity rehefa any aoriana any.

Mikasika ny andininy faha-27 indray dia raisina ny tolo-kevitra amin'ny hoe tsy asiana « amende » satria efa « travaux forcé à temps », ataoko hoe efa faratampony angamba izany ka tsy ilana « amende » itsony.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA NY FIVORIANA**
Misaotra Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna, averina any amin'ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana.

**Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana**
Misaotra, indrindra Tompoko.

Tsara angamba raha amboarina kely io andininy faha-26 io raha hotazonina ao ihany ny resaka « traite » satria any amin'ny fanavaozana tianay hatao dia mafimafy kokoa noho io ny sazy. Angamba amboarina arak'izay, satria « travaux forcés » ny « peines » ao anatiny.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA NY FIVORIANA**
Omena Fitenenana Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Efa izay no fanapahan-kevitray tao amin'ny Vaomiera hoe sao dia tena mafy loatra, ka izay no nampiakarana io « amende » io.
Raha mahita ny ao anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana hoe « crime » dia atao TFP, tsy izahay angamba no hanakana izany fa raisinay. Raha ohatra ka mitovy hevitra amin'izany Andriamatoa Filoha Lefitra, vao maika mety fa tsy manakana izany izahay fa raisinay.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra, Ramatoa Filoha.
Manan-kolazaina ny Mpampakateny, Solombavambahoaka ANDRIANIRINA Narcis, voafidy tao Mahabo.

**Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis**
Misaotra, Andriamatoa Filoha nanome ny fitenenana.

Araka ny tenin-dRamatoa Tale Jeneraly, eto « délit » no nanaovanay azy, « 10 à 20 ans d'emprisonnement ». Raha avaditsika « crime » io, araka ny tenin'ny Filoha teo hoe atao TFP ve sa mbola « à temps » ihany ? « 5 à 20 » sa « 10 à 20 ». Ianareo niteny hoe mafimafy, mba tianay ho fantatra hoe firy no mafimafy teneninareo sa izy « criminaliser »-na fotsiny no mahamafimafy azy. Ahoana no eritreritrareo amin'ny « cantonne de la peine », ny anay dia « emprisonnement, délit 10 à 20 », raha « à temps » ihany, firy no eritreretinareo

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Ny « texte » milaza fa rehefa hatramin'ny « 20 ans » dia efa « travaux forcés ».

**Andriamatoa ANDRIANIRINA Francis**
Mety izany.
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Izay no mahakasika ireo fanamarihana ireo, hiroso amin'ny tsangan-tànana isika.

Atsangano ny tànan'izay mandany ny andininy faha-24 ka hatramin'ny andininy faha-29.

- Solombavambahoaka miisa 25 no nandany -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako ary fa lany arakan'ny fanovàna sy fanitsiana nataon'ny vaomera ny andininy faha-24 ka hatramin'ny andininy faha-29.

Hiditra amin'ny fandaniana ny "chapitre" farany isika, "Dispositions diverses".
- Andininy faha-30 ka hatramin'ny andininy faha-32: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mahakasika izany.

Omena fitenenana Ramatoa Filohan'ny Vaomiera.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Tsy hanao fanamarihana fa ny "document" eny am-pelan-tànan'ny Solombavambahoaka namana sasany hono tsy misy "dispositions diverses". Marina fa tsy nisy ao anatin'ny tovana satria tsy nisy fanovàna, any anatin'ny votoatiny ao anatin'ny "texte" iny isika no mahita azy, resaka "décret d'application" sy ny fidiran'ny lalàna "promulgation" eto izay, ny 30, 31, 32.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra, Ramatoa Filoha.

Atsangano ny tànan'izay mandany ny andininy faha-30 ka hatramin'ny andininy faha-32.

- Solombavambahoaka miisa 25 no nandany -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako ary fa lany ny andininy faha-30 ka hatramin'ny andininy faha-32.

Raha tsy misy manan-kolazaina intsony, hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny isika rehefa nahavita ny fijerena ny isan'andininy ity Tolo-dalàna ity.

Ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharintsika amin'ny fandanina ity Tolo-dalàna ity.

Atsangano ny tànan'izay mandany ity Tolo-dalàna nasim-panitsiana sy nasiam-panovàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 26 no nandany -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2024/PR « sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme », natolotry ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka.

Tompokolahy sy Tompokovavy, taorian'ny fahalanian'ity Tolo-dalàna ity, omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra izany raha toa ka misy ny tiany ambara.
Omena anao ny fitenenana.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Tsy hainay ny tsy ho faly satria ny Tolo-dalàna natolotray dia lany. Tsy tombontsoako samy irery izy ity fa tombontsoan'ny vahoaka Malagasy iray manontolo ny fahalaniany, entina hiarovana ireo havantsika varira.

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nitarika ny fivoriana.
Misaotra anareo teknisiana tarihin'Andriamatoa Minisitra, misaotra indrindra ny Solombavambahoaka namana rehetra ; enga anie mba ho lany eny amin'ny Antenimierandoholona ihany koa izy ity.

Izay mety ho fanamarihana ataonareo, Ramatoa Minisitra, araka ny resaka nifanaovantsika dia hatolotra any amin'ny Antenimierandoholona.

Isaorana ianareo naharitra tamin'ny fandaniana ity Tolo-dalàna ity, indrindra ianao Andriamatoa Filoha Lefitra, nitarika ny fivoriana.

Misaotra, indrindra Tompoko.

- Tehaka -

**- 10 -**
**- Fiatoan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana Andriamatoa Solombavambahoaka tamin'izay fandraisany fitenenany teo izay ; isaorana ihany koa ny solotenan'ny Governemanta.

Tompokolahy sy Tompokovavy, mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika fa androany amin'ny 3 ora, tolak'andro, dia hisy ny « sensibilisation sur le système métabolique » miaraka amin'ny « Direction Administrative et de Service Médico-Social » ato amin'ny Antenimierampirenena, mandritry ny 10 minitra hatao ato amin'ny « salle des séances ».

Amin'ny 4 ora, tolak'andro, kosa, hisy fivoriambe mikasika ny « hybride webinaire sur les enjeux et enseignements découlant des élections générales tenues en 2024 dans les Etats membres de la SADC: respect de la loi type de la SADC sur les élections » atao ato amin'ny « salle des séances » ihany.
Koa manentana antsika Solombavambahoaka mba samy havitrika amin'ny fanatrehana izany fivoriana izany.

Miato hatreo ny fivoriantsika.

Misaotra Tompokolahy.
Mankatelina Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 2 ora sy 35 minitra ny fivoriana.

**NY FILOHA**

ASSEMBLEE NATIONALE

**TOKELY Justin**